Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Tonga nihaona tamin'i Jesoa ny lehiben'ny tempoly iray

Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: Byron Unger; Lazarus

Nampifanarahin'i: M. Maillot; Sarah S.

Alastair Paterson

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay"
na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta
Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2020 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity
nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Nankany amin'ny tempoly i Jesoa indray andro, dia nahita olona nanimbazimba ny tranon'Andriamanitra.

Nivarotra biby sy nanakalo vola
tao anatin'ny tempoly izy ireo.

Nanamboatra fikapohana tamin'ny tady i Jesoa ka nandroaka ireo mpivarotra hivoaka ny tempoly.
"Esorinareo daholo ireo!" hoy Izy.

"Aza ataonareo fivarotana ny tranon'ny Raiko." Tena tian'i Jesoa mantsy ny tranon'ny Rainy.



Ireo lehiben'ny tempoly dia nangataka famantarana maneho fa manana fahefana hanadio ny tempoly tokoa i Jesoa.



"Ravao ity tempoly ity fa hatsangako afaka telo andro."



hoy Jesoa
Enina amby
efa-polo
taona no
nanorenana
ity tempoly
ity ka ahoana
no hahavitany
izany?

Nanambara ny amin'ny tenany i Jesoa. Fonenan'Andriamanitra ny tenany sahala amin'ny tempoly.



Na dia ho
faty eo amin'ny
hazofijaliana aza
i Jesoa dia efa
fantany fa ...

... hatsangan'Andriamanitra
ho velona Izy afaka
telo andro.

Indray alina, tonga namangy an'i Jesoa ny lehiben'ny Tempoly iray.

Noho ireo fahagagana vitany dia fantany fa i Jesoa dia irak' Andriamanitra.

Tonga nanatona an'i Jesoa i Nikodemosy fa te hahalala bebe kokoa ny amin' Andriamanitra izy.

Nambaran'i Jesoa an'i Nikodemosy fa tsy maintsy hateraka indray ny olona vao afaka mahita ny Fanjakan' Andriamanitra.

Tsy azon'i Nikodemosy izay tian'i Jesoa hambara. Ahoana no hiverenana indray ho zaza rehefa lehibe ny olona?

Sady
izy anie anie
ka mpivavaka
e! Tsy efa
ampy ve
izay?

Nazavain'i Jesoa tamin'i Nikodemosy fa: "Izay nateraky ny fanahy dia fanahy.

Sahala amin'ny fitsokan'ny rivotra ny fiasan'ny Fanahin' Andriamanitra.

Tsy hitan'ny olona ary tsy fantany izay fiavian'ny rivotra. Ny vokatry ny asany ihany no hitany."

Nampahatsiahivin'i Jesoa an'i Nikodemosy ny amin'ireo zanak'Israely izay nimonomonona tamin'i Mosesy taloha elabe tany.

"Tsy manan-kanina izahay,
tsy misy rano ary leon'ity
mofo omen'Andriamanitra anay
ity" hoy ny tabataban'izy ireo.

Nahatezitra
an'ANDRIAMANITRA
ny fahotan'ny olona.

Nandefa menarana misy poizina Izy. Nanaikitra ny olona ireo menarana ireo ka maro no maty tamin'izy ireo.

Dia nitaraina ny olona hoe: "Efa nanota izahay. Mangataha amin'ANDRIAMANITRA mba hanesorany ireto menarana ireto."


Nangataka ho
an'ny olona i Mosesy
saingy tsy nesorin'
ANDRIAMANITRA
ny menarana.

Nasain'
ANDRIAMANITRA
nanamboatra menarana
varahina i Mosesy
ary nanantona izany
tamin'ny hazo lava.

Nampanantena ANDRIAMANITRA hoe: "Izay rehetra voakaikitra ka mijery ilay menarana varahina dia tsy ho faty."

Dia nataon'i Mosesy izany ka izay rehetra nijery ilay menarana varahina dia sitrana tokoa.

Nambaran'i
Jesoa tamin'i
Nikodemosy
fa ny ...

... Zanak'
ANDRIAMANITRA
dia tsy maintsy
hasandratra
tahaka ilay
menarana
varahina.

Ny hazo fijaliana
izay hanolorany ny
ainy ho an'ny
mpanota no
tiany hambara
amin'izany.

Hoy Jesoa:
"Toy izao
no nitiavan'
ANDRIAMANITRA
izao tontolo
izao:

nomeny
ny Zanani-lahy
tokana, mba
tsy ho very
izay ...

... rehetra mino
Azy fa hanana
fiainana
mandrakizay".

Ny dikan'izany dia
hoe: izay rehetra
mino an'i
Jesoa dia
teraka ho ...


... ao
amin'ny
ankohonanan'
ANDRIAMANITRA.

Angamba tsy tonga dia
lasa mpianatr'i Jesoa
i Nikodemosy iny
alina iny, ...



... saingy taona vitsy taty
aoriana, nasehony fa
tia sy nino an'i
Jesoa izy.

Nanampy nandevina ny
Zanak'ANDRIAMANITRA
voahombo tamin'ny
hazo fijaliana izy.

Taorian'io fihaonana io dia
lasa nianavaratra i Jesoa
sy ny mpianany.



Mbola misy olona hafa koa tokony handre ny momba ny fanjakan'ANDRIAMANITRA any, ...

... mba hahafahany mino an'i Jesoa avy any Nazareta, Ilay Zanak'ANDRIAMANITRA.

Tonga nihaona tamin'i Jesoa ny lehiben'ny tempoly iray

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Jaona 2-3, Nomeria 21

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava." Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala
amin'ny fahotanao ianao, dia izao
no afaka lazainao amin'Andriamanitra:
Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy
Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy
Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako,
ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-
baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny
Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona
ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha
amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16